



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Tao Toliara, tahaka ny faritra rehetra nandalovany dia nihaino sy niresaka tamin'ny vahoaka ny filoha Andry Rajoelina ny marainan'ny 25 mey 2019. Ho ivon-toeran'ny asa fampanandrosoana maro ihany koa i Toliara ary isany amin'izany ny fiarovana ny sisin-dranomasina. Apetraka ao Toliara ny Base Navale, miaraka amin'ny sambo efatra, ka ho "Zone Maritime Prioritaire d'Intervention" iny faritra iny, harovana ny haren-dranomasintsika ka tsy hisy intsony ny fitrandrahana tsy ara-dalàna sy mihoa-pefy. Nanambara ihany koa ny filoha Andry Rajoelina fa hamboarina avokoa ireo fotodrafitrasa ilain'ny vahoaka toy ny lalana eo an-tapon-tanàna sy ny tsena. Mikasika ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo dia efa misy ny tetikasa lehibe efa nahazoana famatsiam-bola hiantoka ny fanjariana ara-tsakafo, dia ny fanitarana ny hodidin'ny Bas Mangoky izany. Tafiditra ao anatin'izany tetikasa izany, hoy ihany ny Filoha, ny fanitarana sy fanamboarana ny lalam-pirenena faha sivy makany Imanja sy ny fanamboarana ny tetezan'i Bevoay.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
25-05-2019